## CS-FOP
### Mandidy ny ministra Lalatiana hamerina ireo mpiasa noroahany 2

# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 26 septambra 2019 Laharana 958 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**Raharaham-pirenena** 3
### Mbola manangatra i Galliéni

**Fivoriamben'ny Firenena Mikambana** 2
# Tsy hita tabilao i Andry Rajoelina



**CEPE sy BEPC** 3
# Voafitaka indray ny mpitsara fanadinana



**TRANGA** 6
### Olona 2 maty, 11 mbola tsy hita noho ny faharendrehana botry



**Ben'ny tanàna sy mpanolotsaina** 3
### Tokony hitovy ny nomerao amin'ny biletà tokana

**Tovovavy tratry ny vorika** 6
### Bevohoka 10 volana tsy nety teraka

**ASIEF 2019 any Antsiranana** 6
### Vonona hiatrika izany ireo ekipan'ny CUA

**Daka kely**
Notakonan'i Ntsay ialahy tany New York ry Boaikely a !

**Bakalôrea 2019** 6
### 174 751 no isan'ny mpiadina, 88 taona ny zokiny indrindra ...



FIFIDIANANA BEN'NY TANÀNA

# Kaominina miisa 45 no tsy ahitana afa-tsy kandidà tokana

Nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly ny avy amin'ny CENI, toy izao ny antontanisa tsara ho fantatra mikasika ny filatsahan-kofidiana ho ben'ny tanàna sy mpanolotsain'ny tanàna, amin'ny fifidianana hotanterahina ny 27 novambra ho avy izao, manerana ireo kaominina 1 695 eto Madagasikara :

**Fifidianana ben'ny tanàna**

Filatsahan-kofidiana voaray : 6 317
Filatsahan-kofidiana nolavina : 42
Filatsahan-kofidiana nekena : 6 275
Ahitana kandida ho ben' ny tanàna avokoa ireo kaominina 1 695 manerana an'i Madagasikara.
Kaominina ahitana kandida tokana : 45

**Fifidianana mpanolotsaina**

Filatsahan-kofidiana voaray : 4 960
Filatsahan-kofidiana nolavina : 58
Filatsahan-kofidiana nekena : 4 902
Nisy ireo kaominina miisa 8 izay tsy manana kandida (Besalampy : Ampahabe ; Ambatondrazaka : Ampatihintsokatra, Antsangasanga ; Marolambo : Ambatofisaka II, Ambodinonoka, Andonabe Sud, Lohavanana, Sahakevo.
Kaominina ahitana kandida tokana : 148.
Ho an'ireo kaominina rehetra tsy ahitana kandida ho Mpanolotsain'ny tanàna dia tsy misy ny fifidianana Mpanolotsaina. Ireo kaominina manana kandida tokana kosa dia




miroso hatrany amin'ny fifidianana, na ny an'ny ben'ny Tanàna izany, na ny an'ny Mpanolotsain'ny tanàna. Hatramin'ny sabotsy izao dia mety mbola hisy fiovana ireo antontanisa ireo, mbola misy mantsy ireo filatsahan-kofidiana nolavina nakarin' ny kandida eny amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ary iandrasana ny didy avy amin'izany.

**Momba ny fisarihana ny laharana ao amin'ny bileta tokana :**

nanomboka ny sabotsy lasa teo dia nanome toromarika ireo rantsamangaikany ny CENI, fa efa afaka manatanteraka ny fisarihana izay ho laharan'ny kandida isaky ny kaominina ao amin'ny bileta tokana izy ireo. Marobe ny fitarainana sy ny fanamarihana voarain'ny CENI mikasika ny tokony hampitoviana ny laharan' ny kandida ben'ny tanàna sy ny kandida mpanolotsain'ny tanàna natolotry ny antoko iray, ao anatin'ny bileta tokana. Ny voalazan'ny lalàna anefa, ary tsy azon'ny CENI ihoarana dia ny hoe tsy maintsy anaovana fisarihana laharan'ny kandida ny fifidianana iray ampiasana bileta tokana. Koa satria fifidianana roa samihafa sy tsy mifampiankina ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny fifidianana mpanolotsain'ny tanàna dia samy tsy maintsy anaovana fisarihana isanisany izany. Misy rahateo ireo antoko nandrotsaka lisitra mpanolotsaina kanefa tsy nandrotsaka kandida ho ben'ny tanàna, izay mananjo hisarika ny laharany ao amin'ny bileta tokana ihany koa.

**Ny ho tohin'ny fanomanana ny fifidianana**

Amin'izao fotoana izao dia efa any amin'ireo renivohi-paritra 22 ireo iraka nalefan'ny CENI foibe miaraka amin'ireo rantsamangaikan'ny CENI eny anivon'ny faritany, ny faritra ary ny distrika, miaramiasa amin'ireo lehiben' ny OVEC, mandamina sy mandrindra ny fanamboarana ireo bileta tokana hampiasaina isaky ny faripifidianana. Hifarana ny zoma izao izany asa izany ary ny sabotsy izao no ho avy eto Antananarivo ny lasitr'ireo bileta tokana nohamarinina tany ifotony ireo ary hanomboka ny herinandro izao ny fanontana izany eny amin'ny trano pirintim-pirenena. 41 andro no fe-potoana tokony hanontana izany araka ny tetiandro efa napetraka mba hahazoana manaparitaka ireo fitaovam-pifidianana ara-potoana manerana ireo biraom-pifidianana rehetra. 25 388 ireo biraom-pifidianana manerana ny nosy raha tsiahivina, tsy nahitana fiovana izany, fa izay efa nisy tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka ihany no hampiasaina amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ny 27 novambra ho avy izao. Haverina havoaka ofisialy ny lisitr'izany ny 27 septambra ho avy izao ary azon'ny rehetra anaovana fanamarihana. Manomboka izao dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny fotoana fiomanana mialoha ny fampielezankevitra (pré-campagne) isika ; efa saika samy nahazo ny laharany ao amin'ny bileta tokana ny kandida rehetra ary samy afaka manangana ny komity mpanohana azy eny anivon'ny kaominina sy ny fokontany. Afaka mampahafantatra ny tenany ihany koa izy ireo saingy manentana hatrany ny CENI ny amin' ny tsy tokony hanaovana endrika fampielezankevitra mialoha ny fotoana. Hanomboka ny talata 05 novambra 2019 amin'ny 06 ora maraina hatramin' ny alatsinainy 25 novambra amin'ny 12 ora alina ny fampielezankevitra.

***Nangonin'Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Politikam-pampandrosoana sy fikarohana

**Nalan'ny mpiasan'ny FOFIFA ny saron-tavan'ny fitondrana**

Miseho hanao asa goavana amin'ny fanitarana ny tany fambolem-bary sy hamokam-bary be ny fitondrana Rajoelina ao anatin'izao fe-potoana iasany izao. Nampahafantarina amin'ireo haino aman-jery samihafa ny tetikasa momba izany any amin'ireo faritra samihafa izay midadasika be ihany raha ny filazana azy. Toa ireny fitondrana tsara fomba fiasa ireny tokoa ity fitondrana ity eo amin'ny tontolon'ny seha-pambolena eto Madagasikara. Tsy izay loatra anefa no marina, rehefa nandre ny antsoantson'ireo mpiasa eo anivon'ny Fofifa (Foibe Fikarohana momba ny Fambolena) izay iandreketan'ny fanjakana ny ampaham-bola fanohanana azy. Mpiasa izay nilaza fa fito volana be izao izy ireo no tsy nandray karama, ary saika isan-taona dia misy fahatarana hatrany ny karama raisiny. Raha ny amin'ny fito volana farany izao dia ao anaty fitantanan'ny fitondrana ankehitriny izany. Adinon'ny fanjakana ve ireo, tsy nahy sa fanahy iniana sy ikimpiana fotsiny izao? Tsy tena fanaovana olombelona tsinontsinona ve izany? Voadona mafy ny fiainam-pianakavian'ireo mpiasa, raha ny nambaran'izy ireo, ary ny ankizy dia tapaka ny fianarany. Dia ahoana moa izany? Tsy olana ho an'ny fitondrana ve izany, eny na dia lazaina aza fa "subvention" no avy amin'ny fanjakana? Ny mahavariana dia amin'ny lafiny famokaram-bary hindrahindraina be tsy misy hoatra izany fa hifofotra ny fitondrana, ary amin'ny fiahiana ny sosialin'ny mpiasa anefa toa tsy mandeha amin'izay laoniny. Tsy tokony hohadinoina anefa, fa tena mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny famokaram-bary eto amin'ny firenena ny FOFIFA ary iaraha-mahalala ny zava-bitany toy ny amin'ireo masomboly. Ary any ivelany amin'ireo tany mandroso sy matanjaka dia tsy atao ambanin-javatra velively fa tena omena hasiny sy lanjany ny seha-pikarohana. Eto amintsika anefa, ao anatin'izao fitondrana izao, toa adinodino izany. Nisy ireto mpiasa nanaitra ny amin'ny manjo azy am-bolana maro ireto no nahafantarana mazava ny fomba fiasan'ity fitondrana eo amin'ny fanatanterahany ny fandaharan'asany eo amin'ny tontolon'ny seha-pambolena eto amin'ny firenena. Toy ny mandeha ila tahaka ny kiraron'i Beminahy izy ity...

***Sôh'son***

Fivoriamben'ny Firenena Mikambana

# Tsy hita tabilao i Andry Rajoelina

Nanomboka ny talata teo any New-York Etazonia, misy ny foiben-toeran'ny Firenena Mikambana, na ny ONU, ny Fivoriambe andiany faha-74 an'ity fikambanana iraisam-pirenena, anisan'ny lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao ity. Mandritra izany, mandray fitenenana manoloana izany Fivoriambe izany avokoa, mandritra ny 20 minitra eo, ireo filoham-panjakana, na lehibena governemanta, na ministry ny raharaham-bahiny, na ireo ambasadaoro ao anivon'ny Firenena Mikambana avy amin'ireo firenena mpikambana. Amin' ny maha fotoan-dehibe ny fotoana toy izao, tonga any New-York avokoa ireo mpitarika eto amin'izao tontolo izao ary mandray fitenenana manoloana ny solontena avy amin'ny lafy valon'izao tontolo



izao, miresaka ny toe-draharaha samihafa misy eto ambonin'ny tany, eo amin' ny lafiny politika, toekarena ary sosialy... Araka ny mahazatra, mandray fitenenana voalohany mandritra izany ny filoha Breziliana, tamin'ity indray mitoraka ity dia nandray anjara fitenenana voalohany ny Filoha Jaïr Bolsonaro. Nisesy avy eo ireo filoha avy amin'ny firenena matanjaka eto amin' izao tontolo izao. Efa nandray fitenenana ny filoha Amerikana Donald Trump, ny filoha Frantsay Emmanuel Macron, ny Praiministra Britanika Boris Johnson, sy ny maro hafa,... Tsy hita tabilao kosa, na tsy tonga any New-York, ny filoha Malagasy Andry Rajoelina, fotoan-dehibe isehoana anefa izany ho ana filoha vaovao toa azy, satria vao nandray fitondrana tamin' ity taona ity izy araka ny efa iaraha-mahalala. Fotoana koa izany tokony hiresahana sy hihaona amin'ireo filoha na lehibena governemanta amin' ireo firenen-dehibe ireo, na ireo firenena hafa,... Heverina fa mety mahatsiaro ny tany aloha angamba ny filoha dia ny tamin'ny taona 2009 izany, ka nofy ratsy ho azy izany mankany amin'ny Firenena Mikambana izany, tamin'izay fotoana izay mantsy dia tsy vitsy ireo Filoha sy Praiministra tonga tany New-York nanabaty azy fa filoha: "sans qualité" satria mpanongam-panjakana, ka mbola ao ihany izany tarazo izay 10 taona aty aoriana. Fa nisolotena an'i Madagasikara kosa tany New-York ary nandray fitenena omaly, nanoloana ny Fivoriambe faha-74 ny Firenena Mikambana ny Praiministra Ntsay Christian.

***Isambilo***

CS-FOP

# Mandidy ny ministra Lalatiana hamerina ireo mpiasa noroahany

Mivoaka amin'izao fotoana ny fanapahana avy amin'ny CS-FOP na ny filankevitra ambony ho an' ny mpiasampanjakana. Araka izany didy fanapahana izany, nahazo rariny teo anatrehan'ny CS-FOP: Conseil Supérieur de la Fonction Publique, ireo mpiasa noroahina tao amin'ny Ministeran'ny Serasera sy Kolontsaina, taorian'ny hetsika Tagnamaro andron'ny olom-pirenena voalohany notan- terahin'ny ministera teny amin'ny hopitalin'i Mahitsy, Ambohidratrimo, tamin'ny sabotsy fahatelo tamin'ny volana martsa 2019. Mpiasa miisa 16 no noroahan'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy tamin'izany satria nambara fa tsy nanao ny Tagnamaro fa nandeha nisotro taoka fotsiny. Araka ny efa nazavain'ireo mpi-asa ombieny ombieny anefa, efa vita ny asa tamin'izay fotoana izay, ka naka aina sy niala hetaheta izy ireo tamin'io fotoana io, no nolazain'ny mpiara-miasa tamin-dRamatoa ministra fa nandeha "nisotro". Izy tenany ministra mihitsy moa tamin'izay fotoana izay no nijery ireo mpiasa tao amin'ilay toerampivarotana. Nivoaka ny fanapahana manery ny ministera hanafoana ny naoty mandroaka ireo mpiasa ireo, ka hamerina azy ireo amin'ny asany.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fitantanam-panjakana : Mila mandini-tena lalina ny fitondrana Rajoelina

Mahalasa saina lalina hatrany ny zavatra hita eo amin'ny fitantanam-panjakana. Ireo ekipa eo anivon'ny fitondrana ahitana ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta, tsy ampy fahaizana ve? Niaraha-nahita tsara ny fampitam-baovao ny talata lasa teo tamin'ireo haino aman-jery samihafa momba ny resaka Jirama. Nisy tamin'izany no nanazavan'ireo nambara ho teknisiana manampahaizana, nilaza ny momba ny zava-misy iainan'ny orinasa Jirama ankehitriny, sy ny vinavina ny amin'ny hoaviny. Vahiny no mahay sy mahita ary afaka hamantatra ny momba ny orinasa Malagasy, fa tsy misy mahay izany ireo andanian'ny vahoaka volabe tsy hita pesimpesenina isambolana. Ahoana no tsy ahavitan'ireo notendrena ho tomponandraikitra marobe samihafa ao anatin'ny Jirama, na rantsa-mangaika mifandray aminy na avy amin'ny fitondrana?

Lasa lavitra ny saina, fanao eto amin'ny firenena ny fidinan'ireo manampahaizana injeniera, na teknisiana mankany amin'ireo faritra samihafa manerana ny Nosy, indrindra ny any ambanivohitra any, amin'ny fampahafantarana ireo mpamboly sy mpiompy tantsaha amin'ny fanofanana, na torohevitra samihafa amin'izay hahatsara ny fivelomany. Sary iray io entina hanazavana ny tiana ambara amin'izao fihetsiky ny manampahaizana avy amin'ny banky iraisam-pirenena tamin'iny andro iny, nanoro ny tomponandraikitra Malagasy amin'izay hahatsara ny orinasa Jirama, izay an'ny firenena Malagasy. Ahoana marina izany ny toerantsika Malagasy manoloana azy ireo? Ity fitondrana Rajoelina ity anefa niseho ho babany amin'ny fanadihadiana sy amin'ny fanalana ny olan'ny Jirama sy ny amin'izay hampandrosoana azy. Niaraha-nahita ireny tamin'ny adihevitra nifanatrehana tamin'ny andron'ny fampielezan-kevitra ireny. Nahoana ny aty aoriana, afaka valo volana mahery, tsy mahita hirika vahaolana avy any amin'ny olan'ny orinasa Jirama, fa ny vahiny indray no andrasana manao izany? Marina, ireo no mpanambola itrosana isan-taona, ary tsy maintsy misy ny zanabola ao anatin'izany, misy ny famatopatorana amin'ny endriny samihafa ihany koa, fa raha ity tranga ity toa mandiso fanantenana be ihany.

Mila mandini-tena lalina ity fitondrana ankehitriny ity, satria raha ny fahitana azy ho an'ny mpandinika, dia misy sehatra tena tsy voafehiny eo amin'ny fitantanana ny tany sy fanjakana. Iray amin'izany, ity niaraha-nahita ity. Rehefa amin'ny sehatra toy izao izany dia tsy maintsy iantsoana manampahaizana vahiny, fa tsy manana fahaizana momba izany ny zanak'ity firenena Malagasy ity? Dia ahoana izany ny amin'ireo vita fianarana marobe eto an-tanindrazana ireo? Ahoana ny toerana hametrahan'ny fitondrana azy ireo? Tsy miendrika fandohalehana eo anoloan'ny mpamatsy vola vahiny ve ny zava-misy toy izao? Dia fitondrana ahoana loatra ity mitondra ny firenena ity raha izany?

***Sôh'son***

RAHARAHAM-PIRENENA

## Mbola manangatra i Galliéni

Ny 16 Septambra 1896 no tonga teto Madagasikara ny Jeneraly Galliéni. Raha tsiahivina ny tantaram-pirenena dia nisy ny fanapahankevitra avy tamin'ny fanjakana frantsay nanaovana an'i Madagasikara ho zanatany tanteraka, izay marihina fa tany teo ambany fiahian' ny frantsay (protectorat frantsay) nanomboka ny 1 Oktobra 1895, ka ny Jeneraly Galliéni no voatendry ho Governora Jeneraly nisolo an'i Laroche, izay niala amin'ny maha "resident general" azy.

Nisy ny fanambarana toy izao navoakan'i Laroche natao peta-drindrina talohan'ny nialany tamin'ny toerana:

-I Madagasikara dia zanatany frantsay,

- Afahana ny andevo rehetra,

-Ny Mpanjakavavy dia mpandova fiandrianana sisa fa tsy mpanjakan'i Madagasikara,

-Foanana ny sazy tokony haloan'ny Malagasy vokatry ny fahareseny tamin' ny ady.

Ny 29 Septambra 1896 dia nesorina teo amin'ny tampon'i Manjakamiadana ny sainan'ny fanjakana Malagasy tamin'izany, ka nosoloina ny sainampirenena frantsay telosoratra "manga fotsy mena".

Lasa i Laroche vao nandray fahefana i Galliéni, ny fanambarana navoakan'i Laroche dia baiko avy any Frantsa, ka i Galliéni no nampihàtra azy.

Mikasika ny mahazanatany frantsay antsika , fanapahankevitra navoakan' ny parlemanta frantsay nivory ny 20 Jona 1896, ka ny 06 Aogositra 1896 no nivoaka ny lalàna nametra ny nahazanatany antsika na ny" loi d'annexion", izay nidika fa rava ilay" protectorat", miala ny" resident general" sy ny Praimnistra Rainitsimbazafy, ny fitantanandraharaham-panjakana rehetra dia baikon'ny vazaha hatrany an-tampony ka hatrany amin'ny farany ambany , mazava ho azy fa tsy nanana fahefana intsony ny Mpanjakavavy Ranavalona fahatelo.

Momba ny hoe noafahana ny andevo dia endrika ivelany ihany satria, ny tena marina ny malagasy iray manontolo mihitsy no lasa andevon'ny vazaha, ary ireo olona noafahana dia nomanin'ny vazaha hiasa amin'ny asa an-terivozona na travaux forcés fanao amin'ny zanatany. Tsetsatsetsa tsy aritra no ampahatsiahivana fa ny antsoina ho andevo dia olona novidiana na noverezin-jo.

Mikasika ny fanafoanana ny sazy tokony haloa noho ny fahareseна tamin'ny ady dia resaka fanaovana tsinontsinona antsika Malagasy, satria isika malgasy anie no novonoina sy norobaina , ka ireo vazaha naka ny tanintsika no tokony handoa onitra, marihina fa aina Malagasy sivy alina no nafoy tamin'ny taona 1947.

123 taona aty aorian'ny nahatongavan'i Galliéni teto amintsika , izy efa nodimandry saingy mbola manangatra hatramin'izao satria ny fihetsik'ireo mpitondra dia ahitana taratra fa baikom-bazaha no arahina, ny sainampirenena frantsay ilay lamba miloko telo soratra no tsy tazana eny rehetra eny, fa ny saina ao anatin'ny loha dia mbola voazanaka tanteraka, ny tena zava-doza dia mbola manjaka tanteraka ny fanandevozana, satria misy ny fividianan' olona amin'ny fifidianana eto amintsika.

Ny azo amehezana azy dia mbola misy ny Galliéni vazaha sy Galliéni gasy eto amintsika.

***Ny Valosoa***

Ben'ny tanàna sy mpanolotsaina

## Tokony hitovy ny nomerao amin'ny biletà tokana

Mety hiteraka korontana amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ny 27 Novambra 2019 ho avy izao, ny tsy fitovian'ny laharana ao anaty bileta tokana, ho an'ny ben'ny tanàna sy ny lisitra mpanolotsaina miaraka aminy. Antsapaka samihafa mantsy no nanaovana izany isaky ny biraon'ny Ovec. Ho an'ireo efa zatra làlandririnina dia ho voafitaka izy satria izay olona tsy nofidiany akory no ho lany eo. Ny Alatsinainy ho avy izao anefa no hatolotra ny trano pirintim-pirenena ireo endriky ny bileta tokana raha ny nambaran'ny teo anivon'ny Ceni ary manana 41 andro ny trano printy. Arakaraky ny isan' ny kandida no endriky ny bileta tokana hivoaka eo avy eo. Ho an'ny teny amin' ny distrikan'Antananarivo avaradrano, toy ny tao amin'ny kaominina Ambohitrabiby, dia nisedra izay olana izay ihany koa satria tsy mitovy ny laharan'ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina. Efatra no kandida ao amin'ity kaominina vaovao ity, ka mangataka ny hitovian'ny laharana ny kandida tsy mianikina, Andriamananjara Barisoa David, izay efa ben'ny tanàna teo aloha nefa mbola kandida indray. Ankoatr' izay, dia efa manomboka miseho ankehitriny ireo fikambanana sy antoko pôlitika samihafa manohana kandida ben'ny tanàna amin'ny 27 Novambra ho avy izao. Betsaka ihany koa no mivadika palitao satria rabirabian'ny volan'ny kandida sasany, ka tsy mahatsiaro izay niaviany intsony.

***Rajo***

CEPE sy BEPC

## Voafitaka indray ny mpampianatra mpitsara fanadinana

Tamin`ny fivoriana fanomanana, « reunion preliminaire », ny amin`ny fanadinana CEPE sy BEPC dia nandefa olona ny minisitera hanatrika izany fivoriana izany, tamin`ny toerana maro , izay notarihan`ny chef de centre isaky ny toeram-panadinana . Izao no ventin`ny teny nataony: "misaotra anareo mpanara-maso sy mpitsara ny amin`ny fahazotoana sy fahavitrihana ary dia mampanantena fa ho avy tsy ho ela, fa ho amin`ny herinandro ny tambin-karama tamin`ny 2018." Nivaly ny fanadinana CEPE sy BEPC, fa hatreto mbola tsy manarangarana ny fahazoana izany tambin-karama na vacation tamin`ny taon-dasa izany. Very fanahy ny mpampianatra maro fa hay dia tena famitahana fotsiny no natao azy ireo, mba hanakanana ny grevy raha sanatria nikasa hanao izany ireto mpitsara fanadinana sy mpanara-maso talohan`ny CEPE sy BEPC. Asa koa raha samy hafa ny hoe "tsy ho ela" amin`ny minisitera sy ny mpampianatra fa raha herintaona aza tsy voaloa ihany dia mampieritreritra . Ary efa miverimberina isantaona fa tsy vao izao akory izao tsy fandoavana ny vacation izao ara-potoana ho an`ny mpampianatra . Asa raha mila miofana "manao recyclage" koa ny tompon` andraikitry ny minisitera, na ny tompon`andraiki-panjakana rehetra , fa izay indray moa ilay fomba fanebahana ny hafa ankehitriny rehefa hita fa misy ny zava-tsy mety, ka hampianarina ny hofanina hilaza vaovao marina sy azo antoka, ary tsy handiso fanantenana ny hafa intsony ny sarim-pampiesonana sy famitahana fanaony.

***Ny Valosoa***



TONONKALO

### NY TANORA GASY VONONA SY NY TRANAINY GALY FANTSY

Tato ho ato dia nanaitra ireo karazam-panendrena,
Ny amin`ny olona halefa ho masoivohom-pirenena,
Fa tsy hita tabilao ka maro no ningonongonona,
Ireo mihevitra ho isan`ny Tanora Gasy Vonona.

Tena tsy tanora mantsy ireo voatendry ho any ampita,
Fa ny sola sy efa goga , sisan`ny tetezamita !
Ka dia zendana sy gaga ny hendry sy ny manan-tsaina,
Fa Tranainy Galy Fantsy hatrany hatrany no nalaina.

Ary tsy amin`izany ihany f`amin`ny seha-pifidianana,
Dia tranainy marobe no mbola arotsaka hotohanana.
Eto Iarivo , ny tanora moa mataho-panadinana,
No dia ny efa "lany daty" no nalefa hifaninana ?

Ny Tanora Gasy Vonona ve no tsy ampy traikefa,
No Tranainy galy Fantsy hatrany hatrany no nalefa ?
Sa na efa antitra aza dia tambazana , tohanana,
Fa ireny no sakaiza sy atidoham-panonganana ?

Dia ahoana irony teny nentina nampanantena
Fa hoe "andry ny tanora" ka dia tena hojerena ?
Ny "andry boboka sy lo" no mbola hindraina sy hajaina ?
Mihevera ry tanora , aoka ianao ho tonga saina !

***DADAN`i ZINA (20-9-19)***

AMBANY TETEZAN'I BEHORIRIKA

## Vita ny loko famantarana amin'ny arabe nataon'ny CUA, amin'ny fiantsonan'ireo fiara mpitatitra

Miasa ny Kaominana Antananarivo Renivohitra (CUA), tarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, amin'ny fanamaivanana ny fitohanan'ny fiara eto amin'ny tanànan'Antananarivo . Misy araka izany ny ezaka ataon'ny foibem-pitondrana misahana ny fitaterana, amin' ny fametrahana ny loko famantarana eny amin'ny arabe, na marquage au sol, izay manamarika ny fiantsonan'ny taxibe amin' ny faritra maro eto Antananarivo Renivohitra . Araka ny fangatahan'ireo mpitatitra maro izay mandeha eny ambany tetezan'i Behoririka, nisy loko famantarana nataon'ny CUA, na marquage au sol amin'ny fiantsonan'izy ireo. Vita tanteraka izany ankehitriny . Hita ho afa-pahasahiranana ny mpandeha eny Behoririka amin' izao, satria maka ny toerana tokony hisy azy ankehitriny ireo taxibe mandeha amin'iny toerana iny .

**Aly**



*Ireo loko famantarana amin'ny arabe, amin'ny fiantsonan'ny taksibe, etsy ambany tetezan'i Behoririka.*

Boriboritany voalohany (CUA)

## Nanadio lakandrano ary nanentana ny mponina fa fivarinan' ny rano ny lakandrano fa tsy fanariana fako sy maloto

Azo lazaina ho mitondra faisana ireo mponina eny amin'ny faritra iva rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra , misy amin'izy ireo aza dia efa miaina ao anaty fotaka mandrevo sahady, eny fa na dia mbola tsy milatsaka akory aza ny rotsak'orana. Araka izany dia nataon'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, Lalao RAVALOMANANA laharam-pahamehana, ny fijerena ifotony ireo faritra iva ireo, mba ho fampihenana ny fijalian'ireo mponina rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra. Raha ny teo anivon'ny Boriboritany Voalohany manokana dia efa nanomboka andro vitsivitsy ny fanatanterahana ny asa tana-maro (HIMO) teny anivon'ireo fokontany 44 izay mandrafitra ity Boriboritany ity, mba ho fanampiana sy ho fampandraisana anjara mivantana ireo mponina amin'ny fanadiovana ny tanàna. Raha ny tamin'ny omaly dia efa fokontany maro no nahazo tombony manokana tamin'izany toy ny teny amin'ny Fokontany Andavamamba Anatihazo I sy II, toy izany ihany koa ny teny Antohomadinika Afovoany sy ny manodidina azy. Araka ny nambaran'ny lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, RAZAFINDRAKOTO Heriniaina, rehefa vita ny fanadiovana toy izao dia manao fidinana ifotony indray izy ireo hanara-maso sy hanao fanentanana ny mponina, mba samy hanaja ny fahadiovana, araka ny nambarany ihany mantsy dia hita tokoa fa ireo mponina ihany no manary ny fako any anaty lakan-drano, ka zary mandrora mitsilany ireto farany. Toy ny teny Antohomadinika Afovoany nandritra ny fanadiovana dia hita tokoa fa fako sy loto no nameno ny lakandrano. Raha araka ny nambaran'ireo mponina eny an-toerana dia misy hoy izy ireo tsy manana toeram-pivoahana, ka any anaty lakan-drano no manary ny malotony, eo ihany koa ireo izay mbola miaina ao anaty fahalovana, ka tsy menatra akory manary ny fako any anaty lakan-drano. Manentana hatrany araka izany ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra fa ny lakan-drano dia fotodrafitr'asa hivarinan'ny rano maloto fa tsy toerana fanariana fako sy maloto.

**Stefa**



*Fanadiovana lakandrano tao amin'ny Boriboritany voalohany.*

FJKM Antsahavola Fitiavana

## Ezaka miandry ny mpino ny làlana mankany am-piangonana

Nandritry ny fetin'ny taranaka notanterahina ny alahady lasa teo no nisongadina, fa ezaka miandry ny mpino kristiana eo an-toerana sy ny zanaka am-pielezana ny fanamboarana ny làlana miakatra ny fiangonana amin'ity taona ity. Voadinik'ireo zanaka am-pielezana mivory isaky ny alahady faharoa izy io aty Antananarivo. Io no fanentanana nataon'ny filohan' ny zanaka am-pielezana, Rajoelisolofo Juliette nandritry ny teny nataony teny an-toerana rehefa noarahabaina izy ireo. Nanamafy ihany koa ny birao sady komitin'ny faha-140 taonan'ny fiangonana, Rabemiarana Fanja, fa ezaka hotanterahina io làlana mampitohy ny fiangonana io satria nisy fiovana tamin'ny fivilian-dàlana izany. Raha tsiahivina, dia fananganana akany no tsangambaton'ny faha-140 taonan' ny fiangonana , ary mbola ezaka miandry ihany koa ny fitaovana sy ny fanaka samihafa ao anatiny. Ankotr'izay, dia mbola ezaka miandry ihany koa ny fampidirana jiro amin'ny alàlan'ny « plaque solaires » eo anivon'ny fiangonana. Noho ireo ezaka ireo dia nifanome tànana ny mpino kristiana sy ny zanaka am-pielezana tamin'ny alàlan'ny rakitra isan-taranaka narahina fifampiarahabana teo amin' ny mpitandrina Andrianarimalala René. Izy rahateo no nitarika ny fanompoam-pivavahana ny alahady lasa teo, raha ny mpitandrina Bera kosa no nitondra ny hafatr' Andriamanitra tamin'izany, izay nalaina tao amin'ny I Tantara 28 : 9 sy 10. Hipoka ny Fjkm Antsahavola Fitiavana ny alahady 22 Septambra lasa teo ary fandraisana ny fanasan' ny tompo no namaranana ny fotoana.

**Rajo**



*Ny FJKM Antsahavola Fitiavana.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Atikena saosy** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao masaka tsar any atikena. Azo ampiarahana aminy ny lasary voatabia, ny ro matsatso anantsonga sy angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo fitsipika arahana ijanonana tsy hifoka sigara

Ireo fitsipika arahana ijanonana tsy hifoka sigara indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

1 - Mifidiana andro iray hijanonana.
2 - Rehefa mijanona, dia aza miverina hifoka na dia sigara iray monja aza, eny fa na dia indray misintona fotsiny aza fa tena zava-dehibe izany !
3 - Esory daholo ny fitoeran-tain-tsigara ao an-tranonao ao, ary ireo sigara koa dia esory tsy hisy na iray aza ao.
4 - Soraty ny zava-dratsy entin'ny sigara sy ny zavatsoan'ny fijanonana aminy.
5 - Misy fanadofy azo vidiana eny amin'ny pharmacie , mba hampitony ny faniriana te hifoka sy ny hakizintinana, ny tahotra, ny tebiteby, ny tsy fahitan-tory, sy ny maro hafa koa vokatr'ilay fijanonana tsy hifoka.
6 - Iangavio ireo olona mpifanerasera aminao mba tsy hifoka eo akaikinao. Amin'ny herinandro voalohany dia halaviro ny toerana rehetra misy mifoka sigara. Raha toa ka tsy maintsy, dia lazao tsotra sady amim-panajana raha misy manolotra sigara ianao hoe : "tsy mifoka intsony aho". Ataovy rehareha ny fialana ka aza menatra!
7 - Lazao ny olona manodidina anao fa niala sigara ianao. Mahazoa fampaherezana!
8 - Ovay ny zavatra fanao nahazatra loatra, ka mampahatsiaro ny fifohanao sigara. Ohatra hoe: miala ny latabatra rehefa avy misakafo.
9 - Mba hanadinoina ilay fahazarana maika hifoka, dia mandehana mitsangatsangana, misotroa rano betsaka, mihinana siligaoma na vatomamy, na mitsentsitra voasary makirana. Ilay faniriana hifoka dia eo amin'ny 5 minitra ihany dia miato, mihena miandalana eo hatrany io.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Behompy any Toliara II, faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Behompy any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 85 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpiompy sy mpamboly ny mponina any, mpanjono ihany koa, amin'ny maha-tanàna akaiky ranomasina azy. Vezo ny mponina any, saingy hita any an-toerana avokoa ireo foko rehetra eto amin'ny Nosy.



facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mifono tetika maloto ny nomeraon'ny kandidà ben'ny tanàna sy mpanolotsaina samihafa amin'ny biletà tokana




**Yvon Rakotomalala :** taiza koa no mbola nisy laharana samihafa, ho an'ny Ben'ny tanàna, sy ny lisitra mpanolotsainan'ny tanàna izany, eny fa na dia nosarahana aza ? misavoritaka tanteraka io, tonga dia ny laharan'ny MAIRE ihany, no tokony ho an'ny CM! ( N° 12 ny Maire, dia tokony ho 12 koa ny CM). Aleo ho fantatsika fa mifono zava-maloto indray izao!!!

**August Rush :** tena loza tokoa zany, mety ho tsy mpanolotsaina nofidian'ny vahoaka no ho voafidy raha izao.

**Jenny Raharintseheno :** mamofompofona hafetsena sy fanodinkodinana saim-bahoaka fa tandremo indray izao zavatra kasaina hatao izao.

**Mandroso Randria:** mbola mitohy hatrany am resaka RN io Davon a, ny RN2 lasa any am RN4...

**Marie Dinvan :** tadiavina Zao zavatra rehetra zao, izao fitapitaka rehetra izao.

**Tahina Nearin'ya :** mandreraka b ny misaina an'io fa eritrereto hoe nenay atsimondrano taninkeo Communes 26 no nalefa tsirairay de mba saino ange hoe ny Commune 1 misy 7 ,8, 6 ny candidat e tena ady saritaka b.

**Elie Andriamanantsoa :** efa iarahamahalala ny tahotry ny ekipan'ny mpitondra fa na inona na inona hataony eto tanà indrindra indrindra, dia tsimaintsy ho resy izy! lo mibaribary io ny halatra tiany hatao! Mino aho fa tsy ho voarebirebin'ny tetikady maloton'ireo ny mpifidin'Antananarivo renivohitra!

**Tim Ampitatafika :** zany mintsy, ny tetiny dia mikorontana le olona de misy mifandiso.

**Hanitriniana Ralaiarisoa :** atao mihitsy ny ananosarotra, kôpy nareo.

**Mami Rani :** efa miomana hatrany @ fanaovana hosoka sy fangalaram-bato toy ny maazatra azy izy ireo e! tena zava-doza.

**Clément Emile Ravelonjato :** misy foana ny fikafika hamandrihana ny mpifidy, mahita hirika hanabadoana ny vahoaka foana ny fitondrana Rajoelina, tsy mazava ny règle de jeu.

**Gérard Marcellus :** mbola hifidy tsirairay anireo koa zany? Fa inona koa ity e? D avy eo lazaina ry Mapara no hameno ny conseil municipal !

**David Andriamboavonjison :** fahavendranana vé sa tetika maizina indray ? tena fanavendranana ny vahoaka mpifidy mihitsy izao ataon'ny CENI sy ny fitondrana izao.

**Hangy Rasoa :** ka le tsy mahay afa tsy ny manodinkodina kapila no miketrika an'io dia hanaiky daholo ve ny sisa ??

**P'artny P'artny :** ts lany fika ny mpangala-bato ry vahoaka mora ambakaina, aoka samy ho mailo noho izany, tokony ho takiana ny hampitoviana ny Nomeraon'ny kandidà Maire sy ny Conseiller Municipal.

**Rasolo Cla :** io ndray no fika malotontny CENI sy ny mpitondra.

**Dadan Soa :** tena ratsy ary tena devoly velona mihintsy ireto be kajikajy ireto. Dia tsy maintsy mahita lagy sy fitaBITRO homena ny mpifidy foana ireto tsy mitombona mitady fototra ( fondation ) ireto. Asakasakareo ao Antananarivo sisa fa tena miasa @ fahamaizinantsaina ity fitondrana ity. Ny aty aminay sisiny aty aloha efa tsy misy fika fa tena badoin- dry zalahy mihintsy eh !

**Noro Ranorosoa :** d inona zan no tokon hataon'ny mpifidy. Mila hazavaina tsara, na mila takiana ny hampitoviana ny nomeraon'ny kandidà Maire sy ny lisitr'ireo mpanolotsaina.

**Rah Mik :** reo olona reo nge dia te hangeja an Madagascar mintsy e, tsy fampandrosoina no tanjona fa zavatra hafa mintsy, jereo NY fifidianana filoha , député, d zao maire, d ny fanao fona vé, no hoataony dia ny hala-bato be vata.

**Falihery Rabetaliana :** mila manao matraquage numero maire sy numero conseiller zany . Ny eto Tana ngamba ts ho voambaka am zany fa ilay ambanivohitra no mampalahelo lay anaovana azy, noho izany tokony hampitoviana io nomeraon'ny kandidà ben'ny tanàna sy mpanolotsaina io.

**Dorette Andrianarijaona :** ka misy ange ireo candidats maire tsy nanolotra conseillers noho ny caution lafo loatra. Nefa na izany aza, ho an'izay manana conseiller, tokony hitovy foana ny numero ny Maire sy Conseiller.

### NY TENY FIAINANA

*Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin'ny rako; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo.*
***I Korintiana 11:25***

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

## Vita eo no ho eo ny fikarakarana "bulletin de naissance", afaka manatona koa ny avy amin'ny faritra

Anisan'ny taratasy ilain'ny Ray amandReny amin'ny fampidirana ny mpianatra ny "bulletin de naissance", ka ho fanomezana fahafahampo ho azy ireo dia nanao ezaka ny avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin'ny famitana eo no ho eo ny fikarakarana izany taratasy izany. Araka ny nambaran'ny lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Andriamatoa RAZANADRAKOTO Heriniaina dia mitombo isa hatrany ireo Ray amandReny izay tonga mikarakara izany antontan-taratasy izany, satria raha manodidina ny 400 eo no tonga eny an-toerana rehefa andavanandro dia mahatratra 1 500 eo izany amin'izao fotoana izao. Nilaza ihany koa ity farany fa raha te hikarakara "bulletin de naissance" dia tokony hitondra ny nahaterahan'ny zaza ny Ray aman-dReny, na "livret de famille", mba hahafahana mamita izany eo no ho eo. Afaka manatona ny Boriboritany Voalohany avokoa ireo rehetra izay te hanao "bulletin de naissance", eny fa na dia ireo izay avy eny anivon'ny faritra aza . Ankoatra ny "bulletin de naissance" dia ezahin'ny Boriboritany Voalohany vitaina eo no ho eo ihany koa ny fikarakarana ireo antontan-taratasy hafa toy ny kopia , "legalisation", ary ny "certification". Mbola hitohy hatramin'ny faran'ny volana septambra ho avy izao izany hetsika fikarakarana "bulletin de naissance" izany.



*Ny sasany amin'ireo mpaka bulletin de naissance ao amin'ny Boriboritany voalohany.*

***Stefa***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Vita ny lalankely rarivato ao amin'ny fokontany Anjanahary II-A

Vita tanteraka ny lalankely eny Anjanahary II-A. Afa-pahasahiranana ireo mponina manodidina noho ny fahavitan'ity lalankely ity indrindra rehefa ho avy ny fotoam-pahavaratra. Ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) no nanatanteraka ny fanamboarana ary natao rarivato ity lalankely mirefy manodidina ny 200 m eo ho eo ity. Efa andro maromaro no nanatanterahana ny asa, ka vita soa aman-tsara izy ity ankehitriny. Izao asa izao dia natao anatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana, amin'ny fanaovana fotodrafitrasa tena miantraika amin'ny mponina sy ho fitsinjovana ireo vahoaka eny ifotony.



*Lalankely vita rarivato tsara ao Anjanahary II- A.*

***Naina***

Andiany faha-43, ACMIL

## Nanomboka ny fifaninanana, maro ireo zatovovavy mifaninana

Nanomboka afak'omaly 2019 ny fifaninanana fihodinana voalohany, hidirana ho mpianatra manamboninahitra andiany mivantana faha 43 ao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe (ACMIL). Manerana ny renivohi-paritanin'i Madagasikara dia misy toeram-piadinana avokoa. Ho an'Antananarivo manokana dia ny Rezimanta voalohan'ny Sampandraharaha sy Fifandraisana, na 1°RTS Fiadanana, no anatanterahana izany. Toko-telo mahamasa-nahandro amin'ny fanatanterahana izao fifaninanana izao ny Minisiteran' ny fiarovam-pirenena (MDN), ny Birao mahaleotena miady amin'ny Kolikoly (BIANCO) ary ny Minisiteran'ny Asa sy ny Fampananan'Asa, ny Asampanjakana ary ny Lalàna Sôsialy (MTEFPLS).



*Ny sasany amin'ireo mifaninana ho mpianatra ao amin'ny ACMIL.*

***Naina***

BAKALÔREA 2019

## 174 751 no isan'ny mpiadina, 88 taona ny zokiny indrindra ary 11 taona ny zandriny indrindra

Hotanterahina manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara hanomboka ny alatsinainy 30 septambra izao, ka hatramin'ny 04 oktobra 2019 ny fanadinam-panjakana bakalôrea ankapobeny sy bakalôrea teknika fihodinana voalohany. Hitohy ny 07 oktobra, ka hatramin'ny 10 oktobra 2019 kosa ny fihodinana faharoa ho an'ny bakalôrea teknika. Efa tomombana avokoa ny fikarakarana rehetra, hoy ny eo anivon'ny ministeran'ny fampianarana ambony, ny fikarohana ara-tsiansa. Miisa 174 751 ireo mpiadina manerana ny Nosy, izay hitsinjara amin'ireo ivon-toeram-panadinana miisa 299. Miisa 13 200 ireo mpiadina misafidy ny sokajy A1, miisa 111 957 ny A2. Mpiadina miisa 4 290 ho an'ny sokajy C ary 35 606 misafidy ny sokajy D. Miisa 9 698 ireo mpiadina hiatrika ny bakalôrea teknika. 11 taona no zandriny indrindra amin'ireo mpiadina, ary 88 taona kosa no mpiadina zokiny indrindra. Nihena ny isan'ireo mpiadina raha ampitahaina amin'ny antontan'isa tamin'ny taon-dasa noho ny tsy fahafahan'ireo ao amin'ny kilasy 1ère miadina intsony.




***Aly***

ASIEF 2019 any Antsiranana

## Vonona hiatrika izany ireo ekipan'ny CUA : eo amin'ny dihy, volley, basket ary baolina kitra

Ho tanterahana any Antsiranana ny 5 ka hatramin'ny 20 oktobra 2019 ho avy izao, ny fifaninanam-pirenena ho an'ny ASIEF 2019, na ny fanatajahantena eo anivon' ireo mpiasam-panjakana eto Madagasikara. Handray anjara amin'izany ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), eo amin'ny sehatry ny dihy, ny taranjampanatanjahantena volley-ball, basket-ball ary ny baolina kitra. Araka ny nambaran'ny solontenan' ny CUA handray anjara amin'izany, Paquerette Ravaosoloniaina, izay handray anjara amin'ny fifaninanana dihy samihafa na danse, vonona hiatrika izao fifaninanam-pirenena izao ireo ekipan'ny CUA rehetra handray anjara amin'izany ary vonona hitondra amboara ho an'ny tanànan'Antananarivo. Ny fiandohan'ny volana oktobra izao izy ireo no hihazo an'Antsiranana hiatrika izao fiadiana ny ho tompon-dakam-pirenena eo amin'ny ASIEF 2019 izao. Mankasitraka ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpiara-miasa aminy izy ireo, noho ny fanohanana sy fanampiana izay ataon'ny fiadidiana ny tanàna.

***Lita***



*Anisan'ny solontenan'ny CUA, hiatrika ny tompondakam-pirenena ASIEF 2019 any Antsiranana.*

Basket-ball sy baolina kitra

## Notanterahana tany Fianarantsoa ny fifaninanana teo anivon'ny Zandarimariam-pirenena

Ho fitaizam-batana sy fanamafisana ny firaisankina izay efa misy ao anatin'ny fari-piadidian'ny zandarimariam-pirenena (CIRGN) Fianarantsoa, nanatanteraka lalao arapanatanjahantena izy ireo, izay nandraisan'ny Etamazaoron'ny fari-piadidianan'ny zandarimariam-pirenena any Fianarantsoa (EM/CIRGN), sy ny vondron-tobim-pileovan'ny zandarimariam-pirenena MATSIATRA AMBONY (GROUPEMENT HAUTE MATSIATRA), izay samy avy ao an-drenivohitra Fianarantsoa, nifanandrina tamin'ny vondron-tobim-pileovan'ny zandarimariam-pirenena avy ao IHOROMBE (GROUPEMENT IHOROMBE). Izany dia notanterahina ny alatsinainy teo, tao amin'ny kianja fanaovam-baolina Ampasambazaha sy Tsaramandroso. Taranja miisa roa no nifanandrinana dia ny baolina kitra sy ny basket-ball. Voka-dalao tamin' izany:

**-BAOLINA KITRA :** EM/CIRGN Fianar – GPT HAUTE MATSIATRA niondrika tamin'ny isa 3-4 teo anatrehan'ny GPT IHOROMBE.

**BASKET-BALL :** EM/CIRGN Fianar – GPT HAUTE MATSIATRA resin'ny GPT IHOROMBE tamin'ny isa 100-82.



*Ireo nandray anjara tamin'ny hetsika ara-panatanjahantena, teo anivon'ny zandary tany Fianarantsoa.*

***Lita***

**SARIITATRA :** *Lasa Antitra Gasy Vonona indray ny kandidàn'ny sasany*




Tovovavy tratry ny vorika

## Bevohoka 10 volana tsy nety teraka

Saika maty aho fa tsy mbola anjarako ny ho faty. Io no nambaran'ity tovovavy ity raha nanatona teny amin'i Jessica mpanotra teny Mandrosoa Ivato ny volana Aogositra lasa teo. Toy izao mantsy no fandehan'ny tantara : manam- bady ity tovovavy ity ary efa niteraka mianadahy . Tamin'ity kibony fahatelo ity dia nilaza izy fa mety mbola lahikely angamba satria mavesabesatra izany ilay izy. Nanatona mpampivelona ihany ary mitombo andro aman'alina tsara ny kibony . Nihoatra anefa ny fahasivy volana ka tsy nety teraka mihitsy. Nikoropka nanatona mpampivelona izy mivady nefa nambaran'ity mpitsabo ity fa tsy zaza no ao matoa tsy mbola teraka mihitsy izy. Teo vao tapa-kevitra izy mivady nanatona teny amin'i Jessica **03387 395 41** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato, ka vao nojeren'ity mpitsabo ity fotsiny dia nambarany fa mosavy io satria efa tokony ho teraka izy. Tratry ny mosavy ianao hoy izy satria vao notroriny tamin'ny menaka manokana fotsiny sady nampisotroiny rano dia nandoa zavatra maimbo sy lomotra maitsomaitso izany. Nilofika tanteraka ilay tovovavy avy eo. Nitamberina tao an-tsainy fa nisy ady nifanaovany tamin'ilay sipan'ny vadiny, ka nanaovan'io mpirafy aminy io vava ratsy izy . Namosaviany marina aho hoy izy ary tsapako mihitsy izany. In-telo monja izy no niverina teny amin'ity mpitsabo ity dia nilaza fa sitrana soa amantsara ary nijoro vavolombelona, fa raha tsy tao amin'i Jessica mpanotra dia saika nafoy ny ainy sy ny fianakaviany.

***Namana***

Tranga

## Olona 2 maty, 11 mbola tsy hita noho ny faharendrehana botry

Botry iray no dobo tany Komajara distrikan'Analalava faritra Sofia tamin'ity herinandro ity. Olona 2 namoy aina vokatr'izany, 11 mbola tsy hita ary 8 avotra. Ireo no vokatra vonjimaika azo avy any Analalava nohon'ny faharendrehan'ny botry iray.

Rendrika tao amin'ny "Baie de Narindra", na "Helodranon'i Narindra", manelanelana an'Ambatobe Sohihy Fokontany Nosy Lava sy Nosy Faho, fokontany Analalava ny botry kely atao hoe "Samby Jeune". Araka ny vaovao avy any an-toerana dia nitondra mpilalao baolina miisa 21 izy io avy ao Komajara, kaominina Antonibe Analalava ary nikasa ho any Marotaolana, distrikan'Analalava ihany, saingy tratry ny tafio-drivotra mahery tampoka ka rendrika. Olona valo no voaavotra, roa namoy ny ainy ary 11 mbola tadiavina. Miezaka mitady ireo mbola tsy hita ny Mpitandro filaminana sy mpamonjy voina ary ny fokonolona any an-toerana.

Afak'omaly ihany koa dia nisy botry mampitohy an'i Aranta sy Katsepy Mahajanga rendrika teo amin'ny sahabo 800m miala ny "Quai Orange" Mahajanga, izay nitondra olona 25, ka namoizana ain'olona iray sy zaza 8 taona mbola tsy hita, ny 23 dia voaavotra araka ny vonjy aina nataon'ny Brigade Port Zandarimaria sy ny APMF ary ireo olona tsara sitrapo tany an-toerana. Ny hafatra manokana tiana hampitaina hoy ny APMF dia aoka hiandry ny toetr'andro hitony vao manohy ny dia, raha vao vantany hita fa ratsy ny andro. Ho arahi-maso izany miaraka amin'ny tomponandraikitra rehetra amin'ny fifamoivoizana an-dranomasina.

***Ny Valosoa***



*Botry mifamezivezy amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara iny.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**21/09/19 hatramin'ny 28/09/19**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 958-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MPIASAN'NY FOFIFA

# Mitokona fa tsy nandray karama nandritra ny 7 volana

Tabataba sy antsoantso milanja sorabaventy mitaky ny famoahana ny karaman' ny mpiasa no tsikaritra nanomboka ny talata teo, manoloana ny Biraon'ny Fofifa etsy Ampandrianomby. Nilaza Andriamatoa Randrianarivony Herilalao Tompon'andraikitra eny amin'ny Ivo-toerana Fofifa Mahitsy, fa ny volana Martsa 2019 lasa teo no nandray karama farany ny mpiasan'ny Fofifa. Nanohy nanazava ity Tompon'andraikitra ity fa tsy afaka niatrika ny fanadinana ara-dalàna ny zanaky ny Mpiasa, betsaka hoy ity farany ireo mpiasan'ny Fofifa no efa voaroakan'ny tompon-trano fa tsy nahavoaloa hofantrano. Nanohy nanazava ity Solontenan'ny mpitokona ity fa manginy fotsiny ny tsy fahafahana mandoa ny saran'ny Jirama sy ny vidim-panafody raha sendra misy ny tsy fahasalamana. Ankoatra izany nanambara Andriamatoa Randrianarivony Herilalao fa ratsy ny sosialin'ny Mpiasa ao amin'ny Fofifa satria tsy afaka mandray ny vola fisotroan-dronono sy ny Cnaps ireo mpiasa rehefa feno 60 taona no mihoatra. Nanamafy ity Tompon' andraikitra ao amin'ny Fofifa eny Mahitsy ity, fa efa nanatanteraka fifampiresahana tamin'ny Tompon'andraikitra ireo mpiasa mikasika ny famahana ny olan'ireto farany kanefa tsy nahazoana vahaolana mahafa-po izany. Nanohy nanazava ity Solontenan'ny mpiasa ity, fa efa nitaraina tamin'ny Tompon'andraikitra eny anivon'ny Ministeran'ny Fambolena izy ireo kanefa tsy hita mazava ny tohin'izany. Ny fitokonana fanairana ho an'ireo Tompon'andraikitra ambony no vahaolana hitan'ireo mpiasan'ny Fofifa mba hahafahana mijery akaiky ny olan'izy ireo. Tsiahivina fa miisa 200 ny mpiasan'ny Fofifa manerana ny nosy ary tsikaritrin'izy ireo fa miverimberina isan-taona foana ny fahatapahan'ny karamany indrindra amin'ny fotoana ilana an'izany toy ny amin' ny fotoana fampidirana mpianatra sy ny andro fety.



*Ireo Mpiasan'ny Fofifa nitokona tetsy Ampandrianomby.*

***Franck Razakambelo***

Noho ny fimenomenonan'ny mpanjifa

# Nesorin'ny fitondrana ihany ilay tataon-ketra 21% amin'ny menaka

Mimenomenona ankehitriny ny mpanjifa manoloana ny fidangan'ny vidin'ny menaka fihinana tato ho ato. Nilaza ny orinasa HITA (Huilerie Industrielle de Tamatave), iray amin'ireo mpamokatra menaka fihinana eto Madagasikara, fa efa herintaona no tsy niova fa 3200 Ariary ny litatry ny menaka vokarin'izy ireo, ary tsy mbola mieritreritra ny hampakatra ny vidin'nycmenaka fihinana ny orinasa amin'izao fotoana izao. Andanin'izany, niaiky ny Fanjakana fa nisy fiantraikany tamin'ny vidin'entana ilain'ny olona teny an-tsena ny politika nampiharin'ny ho fiarovana ireo entana vokarika ato anatiny, toy ny savony, paty, dibera, menaka fihinana, menaka ho an'ny fiara, izay notataovana hetra 19% ka hatramin'ny 34% ; tatao 21% ho an'ny menaka fihinana. Fanapahan-kevitra nihàtra nanomboka tamin'ity volana septambra 2019 ity. Niverina tamin'ny heviny arak'izany ny fanjakana manoloana ny fimenomenoman'ny mpanjifa noho ny fiakaram-bidin'ny entana ilaina andavanandro, ka dia nofoanana ireo tataon-ketra ireo. Ho an'ny menaka fihinana manokana dia efa tafakatra hatramin'ny 1000 Ar ny vidiny teny an-tsena.

***Aly***

**COMMUNIQUE DE PRESSE**

Suite au Conseil du Gouvernement du 11 septembre 2019, les mesures de sauvegarde provisoires, sous la forme de droit additionnel de 19% sur les huiles lubrifiantes, de 21% sur les huiles alimentaires et margarines et de 34% sur les savons, mises en place par l'ANMCC (Autorité Nationale chargée des Mesures Correctives Commerciales) suivant les avis n° 006-ANMCC/Av.19, 007-ANMCC/Av.19 et 008-ANMCC/Av.19 publiés le 14 août 2019, sont supprimées.


Fait à Antananarivo, le 23 septembre 2019
Le Directeur Général de l'ANMCC
BARTHELEMY

*Fanambarana milaza ny fanalana ireo tataon-ketra amin'ny entana sasany ilaina amin'ny fiainana andavanandro.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 294**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0293)

***Mitsivalana***
- Ova – Maty (Miv)
- Totozy
- Ala – Lala
(Miv)
- Averina
- An – Ma – Ok
- Nao – Gasy
- Aiza – Fia

***Mitsangana***
- Ota – Ana
- Volanay
- Vata (Miv) – Zo (Miv)
- EM
- Garazy (Miv)
- Tily – Fa (Miv)
- Anosy
- Malakia

### TENY MIFANAPAKA N° 294



**Mitsivalana**

**1.** Mahery **2.** Zava-maniry – Faranteny **3.** Renirano **4.** Resaka mangina **5.** Iray (Miv) – Teny mandà (Miv) **6.** Vitaina **7.** Atono – Esory **8.** Sakaizanareo **9.** Alika (Miv) – Vimbino **10.** Mpanondro – Tsenabe

**Mitsangana**

**A.** Voay – Renivohitra (Miv) **B.** Vizana – Diovy **D.** Safosafo **E.** Tsy anareo, tsy azy ireo – Ody nify **F.** Nafarana **G.** Karatr **H.** Ao an-damosinareo **I.** Aiky – Petsa **J.** Hita amin'ny vatana (Miv) – Naoty ambany be (BR) **K.** Mpanondro faritra akaiky – Sahala (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0293

*Mitsivalana*

**1.** Torahana **2.** Orana - Eroa **3.** (H)en(a) - Inona (Miv) **4.** Aia - Sivy (Miv) **5.** Rantsana **6.** Hariva (Miv) - Ny **7.** No - Aloka **8.** Fay (Miv) - (H)oa - Io **9.** Korontana **10.** Sa - Ataonay

*Mitsangana*

**A-** Toetrany **B.** Ora - Avoaka **D.** Rà - (T)any - Fo **E.** Antitra - Ra(na) **F.** Ha - Losa (Miv) - Ot(a) **G.** Ahoana **H.** Nenin(a) - Koto **I.** Arovana - An **J.** Ony - Ina **K.** Raiso - Vaoy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny kandida ho Ben'ny tanànan'Antananarivo Rina Randriamasinoro sy ireo kandida mpanolotsaina avy amin'ny antoko TIM teny Bel'Air.





Ireo komity mpanohana ny kandida Ben'ny tanànan'Ivato avy amin'ny antoko TIM Penjy Randrianarisoa.









Ny fanaovana loko famantarana amin'ny arabe nataon'ny CUA tetsy Behoririka.



